

## FAMPITAM-BAOVAO

**Antananarivo, 15 mey 2020**

Niroso tamin'ny famaranana tanteraka ny lisi-pifidianana ho an'ny taona 2019-2020 ny Vaomierampirenena mahaleo tena misahana ny fifidiananan (CENI) androany 15 mey 2020, araka ny voalazan'ny andininy faha-39 amin'ny fehezan-dalàna mifehy ny fifidianana (lalàna fehizoro 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018).

Toy ny fanao isan-taona amin'ny fanavaozana ny lisi-pifidianana dia notontosaina ny fampidirana ny anaran'ireo vao nahazo karapanondrom-pirenena, ireo izay tsy voasoratra tao anaty lisitra ary ireo izay vao nifindra monina. Nisy ihany koa ny famafàna ny anaran'ireo olom-pirenena izay maty sy ireo izay voaheloky ny lalàna ka very zo hifidy Ankoatr'izany, nahitsy ny antontan-kevitra mahakasika ireo mpifidy nahitana fahadisoana ny mombamomba azy ireo tao amin'ny lisi-pifidianana nofaranana tamin'ny 15 mey 2019.

Na dia ao anaty hamehana ara-pahasalamana aza i Madagasikara amin'izao fotoana izao, dia tsy nikely soroka ny CENI tamin'ny adidy napetraky ny lalàna taminy, fa niezaka nanao izay azony natao hatrany hamitàna ny asa fanavaozana ny lisi-pifidianana niaraka tamin'ireo ratsamangaikany manerana ny Nosy. Nifanojo tamin'ny fotoana fampiakarana ireo fitarainana avy any amin'ny Fokontany makany amin'ny Distrika tokoa mantsy ireo fepetra napetraky ny fanjakana amin'ny tsy fahafahana mivezivezy. Na dia tsy nisy fidinana ifotony natao tahaka ny mahazatra aza, dia nisy kosa ny fandrindrana ankapobeny ny asa notanterahin'ireo vaomiera isaky ny Distrika.

Raha 10 299 583 ny isan'ny mpifidy tao anatin'ny lisi-pifidianana nofaranana tamin'ny 15 mey 2019, nofintinina toy izao manaraka izao ireo antontan'isa ankapobeny tsara ho fantatra mikasika ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana 2019-2020 :

- Isan'ny mpifidy vaovao nampidirina: 524 669
- Isan'ny mpifidy noesorina : 443 119
- Isan'ny mpifidy ao anaty lisi-pifidianana nofaranana androany 15 may 2020 : 10 381 133

Araka izany, na dia teo aza ny fahasahiranana manokana nolalovan'ny CENI tamin'ny fanatontosana ny asa fanavaozana ny lisi-pifidianana tamin'ity taona ity, dia niezaka hatrany ny Vaomiera nanao ny asany araka izay andidian'ny lalàna azy.

Hamafisin'ny CENI hatrany ihany koa ny faniriany hitohizan'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana (rafi-panjakana, antoko politika, fiarahamonim-pirenena, mpampahalala vaovao) ho fanohizana ny fanatsarana hatrany ny raharaham-pifidianana, ary mba hahatanteraka ny vina napetraka dia ny fikarakarana « Fifidianana azo antoka sy demokratika ».